


## ALAHADY - KAREMY 1 - TAONA A



### **ANDRIAMANITRA TSY TIA RATSY FA NY OLOMBELONA NO BE SIASIA**

Ry Kristianina havana, tian'ny Eglizy sahady ho tsapantsika amin'izao Alahady voalohany karemy izao ny tena dikan'ny hoe fahotana. Maro ny azo lazaina momba an'izany ; ny fahotana dia ilay fakam-panahy nanjo an'i Jesoa tany an'efitra. Ireo voalaza ireo no fototry ny fakam-panahy nitondra atsika amin'ny fahotana izay nanjo an'i Adama sy Eva no ambaran'ny vakiteny voalohany ka nahatonga atsika olombelona rehetra latsaka tao anatin'izany fakam-panahy izany. Mbola matetika isika mamerina ny fahotan'i Adama sy Eva na dia efa azontsika tamin'ny batemy aza ny fahasoavana maha zanak'andriamanitra, mpanota isika olombelona miloloha lanitra ka mety ho lena mandia tany ka mety ho solofaka. Ny fahotana dia isika mivadika amin'ny hafatr'Andriamanitra, fantantsika

Vakiteny I : Jen. 2, 7-9; 3, 1-7

Tononkira : Sal. 50,

Vakiteny II : Rôm. 5, 12-19

Evanjely : Mt. 4, 1-11

mazava tsara, fantatr'i Eva fa voafitakin'ny fakam-panahy izy ary i Adama dia lavo tamin'ny fahotana. Fantantsika ny marina ary araka efa nolazaintsika tamin'ny Alarobia fanosorana lavenona, manana modely isika amin'izao volana marsa izao dia i Md Josefa, lehilahy marina sy tia vavaka. Fantantsika ny marina nefa indrisy noho isika

malemy dia lavo amin'ny fakam-panahy, izay no ambaran'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa. Tsy isika hirehareha na hipoerapoera ka mahatoky ny tenantsika no lâlana ialantsika amin'ny fahotana, ary izay ny dikan'izao karemy izao, ADY sady DIA, ny ady atrehintsika dia tsy ho resintsika amin'ny alalan'ny angovontsika fotsiny satria fantantsika fa ny angovontsika olombelona tao amin'i Adama sy Eva dia ny fahalemena. Manambara amintsika i Md Paoly amin'ny alalan'ny vakiteny faharoa androany : “ aoka isika hanana fanetrentena”, izany no tian'ny Eglizy ampianarina antsika amin'izao Alahady voalohany karemy izao. Olombelona mpanota isika, tia antsika Andriamanitra tsy mahafoy atsika izy. Anjarantsika ny hanana fanetrentena hiaiky ny halementsika, tsy amin'ny alalan'ny angovontsika no hahafahantsika handresy ny ratsy. Marina fa tsy maintsy miezaka isika ary izay koa ny karemy. Ny ezaka no maha olona, sanatrian'izany tsy biby isika satria ny biby no tsy miezaka fa isika olombelona nomen'Andriamaitra saina sy herimpo. **Mila fanetrentena isika, izay**

**no fampianarana fototra voalohany androany, ny hananantsika fanentrena fa tsy amin'ny alalan'ny herintsika fotsiny no handresentsika ny ratsy.**

Izay ny fakam-panahy nahazo an'i Jesoa tany an'efitra, izay ny fototry ny fampianarana raha izy nilaza hoe tsy ny mofo ihany no maha velona fa ny tenin'Andriamanitra. Aoka hahatsapa isika fa izy Jesoa no tenin'Andriamanitra, izy no mamelona atsika amin'ny Eokaristia.

Maro ny zavatra mahatonga atsika noana amin'izao fotoan'andrantsika izao, tsy amin'ny alalan'ny herintsika, mety misy fakam-panahy manjo atsika ny voalohany indrindra dia ny kibo, io no mahatonga atsika ho latsaka amin'ny fakampanahy matetika, mamono olona, manao herisetra.

Ambaran'ny Eglizy amin'izao Alahady 1 Karemy izao fa tsy ny angovontsika no handresentsika an'izany, marina tsy maitnsy miezaka isika fa tsarovy anefa fa Andriamanitra no hahafahantsika mandresy an'izany. Ny mahadiso atsika dia ny manao ny kibontsika ho Andriamanitra ka lasa mifanapotika isika. Noho ny fitadiavana voninahitra dia te-ho ambony isika, io voninahitra io dia matetika mahatonga atsika manilika ny hafa. Ambaran'i Jesoa fa tsy ny voninahitra no sarobidy indrindra fa aoka isika hivelona ny teniny, "Aoka tsy haka fanahy ny Tompo Andriamanitra ianao ", aoka isika hahatoky an'Andriamanitra, ny fitokiana an'Andriamanitra dia ny finoana, ka izy no hitarika atsika, tsy ny voninahitsika no zava-dehibe fa ny fanomezana voninahitra an'Andriamanitra izay midika fa mahatoky sy mino azy isika.

Ny fakam-panahy matetika manjo atsika ihany koa dia ny te-hanjakazaka amin'izao rehetra izao sy ny fieritreretana fa isika no mahefa ny zavatra rehetra. Aoka isika hahatsapa anatin'ny fanetrentena fa hivavaka amin'Andriamanitra, hiray fo tanteraka aminy amin'izay atao rehetra, aoka ho izy Andriamanitra no hanjaka ao amintsika.

**Ry Kristianina havana, tamin'ny Alarobia ny lavenona dia voalaza fa misy asa telo tsy maintsy hiezahantsika dia ny vavaka, ny fifadian-kanina sy ny fanaovana asa soa**

Ny fakam-panahy voalohany nahazo an'i Jesoa dia mifanaraka amin'ny fifadian-kanina :*"Raha Zanak'Andriamanitra ianao, ataovy tonga mofo ireto vato ireto". Fa namaly i Jesoa ka nanao hoe: "Efa voasoratra hoe: Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra"*.

Ny fakam-panahy faharoa izay fitadiavana voninahitra dia mifanaraka amin'ny fanaovana asa soa :*"Raha Zanak'Andriamanitra ianao, mianjerà any ambany any...Fa hoy i Jesoa taminy: "Efa voasoratra koa fa: Tsy haka Fanahy ny Tompo Andriamanitrao ianao"*.

Ny fakam-panahy fahatelo dia mifanaraka amin'ny fitiavam-bavaka : *"Homeko Anao izao rehetra izao, raha miankohoka hivavaka amiko ianao". Fa izao no navalin'i Jesoa azy: "Mandehana, ry Satana, fa efa voasoratra hoe: Ny Tompo Andriamanitrao no hivavahanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao"*.

Araka ny voalaza teo am-piandohana, nabaribarin'ny tenin'Andriamanitra fa fahadisoantsika ny maha mpanota atsika ka antsoina isika amin'izao karemy izao 40 andro, mpanota isika ary tsy amin'ny alalan'ny angovontsika no hidirantsika amin'ny fiainam-baovao fa ny fanekentsika ny fahotantsika. Raha manana fanetrentena isika dia mametraka an'Andriamanitra eo anivon'ny

fiainantsika ka handresy ireo fakam-panahy manjo atsika ireo isika na dia mety anatin'ny fijaliana sy fahoriana aza. Izany no làlana mitondra amin'ny fiainana sy fibebahana marina ka hahatonga atsika zanak'Andriamanitra marina

Ry Jesoa Tompo ô, nanaiky nalaina fanahy tany an'efitra ianao mba hampibaribary aminay ny fahalemenay koa ka omeo anay ary ny fahasoavana mba hanananay fanetrentena hibebaka izahay ary hanaiky anie izahay handresy ny fakam-panahy miaraka aminao. Izaon'ny karemy izao anie ry Jesoa zokinay hanampy anay hiombona bebe kokoa aminao, ka raha miara-maty amin'ny fahotana izahay dia hiaraka hitsangana aminao amin'ny Paka. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson